



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FIARAHA-MIVAVAKA MERCREDI 16 DECEMBRE

Pasteur Seth RASOLONDRABE

"Divorce, Mariage et Jour du Seigneur"

"Mal 2.10-17"

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

HIRA 170 1-2

Vavaka.

Teny fampidirana: Mal 2.10

10Tsy mpiombon-dravy va isika rehetra? Tsy Andriamanitra iray ihany va no nahary antsika ? Koa nahoana no samy mivadika amin'ny rahalahintsika avy isika ka mamadika ny fanekena tamin'ny razantsika?

HIRA 170 3-4

Vakiteny 1 Mal 2.11-12

11Ny Joda efa namitaka, ary misy fahavetavetana atao ao amin'ny Isiraely sy ao Jerosalema; fa ny Joda efa nandoto ny fitoera-masin'i Jehovah, izay tiany, sady efa nanambady ny zanaka-vavin'ny andriamani-kafa.

12Enga anie ka hofongoran'i Jehovah hiala amin'ny lain'i Jakoba ny lehilahy izay manao izany, na iza na iza, sy izay manatitra fanatitra ho an'i Jehovah, Tompon'ny maro.

Fanazavana Fohy

Hira 534. 1

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Famelan-keloka noho ny fahalotoana maro.....ao @ Fiangonana

Mba hanaja ny fanekena natao t@ Atra ny Mpino rehetra

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 2. Mal 2.13-14

13Ary faharoan'izany, dia izao koa no ataonareo: **Saronanareo ranomaso sy fitomaniana ary fisentoana ny alitaran'i Jehovah**, ka tsy mba jereny intsony ny fanatitra, ary tsy handray fankasitrahana avy amin'ny tananareo Izy.

14Nefa hoy ianareo: Nahoana? Satria Jehovah no vavolombelona ny aminao sy ny vadin'ny fahatanoranao izay nofitahinao, na dia namanao sady vady efa vita fanekena taminao aza izy.

Fanazavana fohy

HIRA 534.2

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Mivavaka ho an'ny tokatrano kristiana.....

Ny vehivavy mitomany.....

VAVAKA MPITANDRINA.....

VAKITENY 3. Mal 2.15-16

15Moa tsy nisy anankiray nanao izany va, nefa mbola nanam-panahy ihany ? Fa inona andrefa no notadiavin'ilay anankiray? Taranaka araka an'Andriamanitra. **Koa dia tandremo ny fanahinareo, ary aoka tsy hisy hamitaka ny vadin'ny fahatanorany.** 16Fa halako ny fisaoram-bady, hoy Jehovah, Andriamanitry ny Isiraely, sy ny fanosenana fampahoriana amin'ny fitafiany, hoy Jehovah, Tompon'ny maro; koa tandremo ny fanahinareo, ary aza mamitaka ianareo.

Fanazavana fohy

Hira 534.3

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

- Mivavaka mba hana-kaja ny mariage.....

Ho an'ireo tanora hanmbady tsy ho ela

VAVAKA MPITANDINA

VAKITENY 4. Mal 2.17

17Efa manasatra an'i Jehovah amin'ny teninareo ianareo. Nefa hoy ianareo: Amin'inona moa no anasaranay Azy ? Amin'ny fanaovanareo hoe: Izay rehetra manao ratsy dia tsara eo imason'i Jehovah ka ankasitrahany, na amin'ny hoe: Aiza Andriamanitry ny fitsarana ?

Fanazavana Fohy:

HIRA 534.4

VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA

Malalaka

VAVAKA MPITANDRINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO

Teny FANDRAVONANA

Rom 12.1-2

1Koa amin'izany mangataka aminareo aho, ry rahalahy, noho ny famindram-pon'Andriamanitra, mba hatolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina, sitrak'Andriamanitra, dia fanompoam-panahy mety hataonareo izany. 2Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miova amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina

HIRA

338

TSO-DRANO